# TATITRA

# FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA FAHA 5

**Firenena: Madagasikara**

**Koaminina: Sakaramy**

**Daty: 30 -31 Jolay- 01 Aogositra 2014**

**Toerana: Kaominina Sakaramy**

Mpandray anjara nandritra ny fiofanana

**FIZAHAN-TAKILA**

Fanolorana .....03

Tantara.....04

Fizotry ny Atrikasa .....07

Fahatrarana ny tanjona.....08

Ireo fanamby .....08

TOVANA

A – Fandaharam-potoana .....10

B – Lisitry ny mpandray anjara.....11

D- Drafitr'asa.....13

E- Tombana.....34

**FANOLORANA**

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Sakaramy ny 30, 31 Jolay sy 01 Aogositra 2014 tao amin'ny biraon'ny kaominina. Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny finoana , ny mpitandro ny filaminana ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny fampahafantarana bebe kokoa ny fampifandraisana ny Miralenta amin'ny fampandrosoana maharitra fa indrindra indrindra ny fananan'ny Kaominina ny drafitr'asa momba ny miralenta sy ny ady amin'ny herisetra mihatra amin'ny vehivavy.
Lohahevitra telo no nodinihina ho tohin'ny famerenana ireo lohahevitra efa nojerena teo aloha mba hahafahana mamolavola ny drafitr'asa ho tanterahina eto anivon'ny Kaominina Sakaramy.

- Lohahevitra voalohany: Ny miralenta sy ny fampandrosoana ny toekarena ifotony, izay nahitana ireo karazany asa fandraharahana tokony hataon'ny vehivavy sy ny sakana mahatonga azy ireo tsy afaka mampandroso izany ary ny vahaolana tandrify azy ireo
- Lohahevitra faharoa: Miralenta sy fiovaovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra izay nandinihana ireo antony nahatonga ny fiovaovan'ny toetrandro, ny voka-dratsiny sy ireo olona hiantefan'izany ary ny fomba iatrehana azy mba hametrahana ny fampandrosoana maharitra.
- Lohahevitra fahatelo: Ny herisetra (VBG) izay nitanisan'ny mpandray anjara ireo karazanà tranganà herisetra rehetra izay mianjady amin'ny vehivavy sy ny lehilahy ary ny ankizy, izay misy eo an-toerana ka hitadiavana tetika hampihenana azy ireny.

Nofaranana tamin'ny famolavolàna ny drafitrasa hampiroboroboana ny Miralenta sy hamongorana ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy ny atrikasa.

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity. Hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)
Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fanatsarana ny fiaraha-miasa amin'ny Kaominina sy fanatsarana ny fiainana an-tokatrano sy amin'ny fiaraha-monina ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

**TANTARA**

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

## FIZOTRY NY ATRIKASA

### Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny atrikasa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Sakaramy sy ny mpampiofana avy amin'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links Andriamatoa Ben'ny tanàna, RAMISILAHY Vincent noho ny nisafidianana manokana ny Kaominina Sakaramy sy ny hanatontosaina ny famolavolana ny drafitrasa mahakasika ny miralenta ary nanome toky koa ny Ben'ny tanàna amin'ny fankatoavana sy fanatanterahana izany drafitrasa izany satria vokatrin'ny fikaonan-dohan'ny solon-tenam-bahoaka no nahavitana azy. Manaraka izany dia samy naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa ny roa tonta.

Taorian'ny fanokafana dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina amin'ny dingana fahadimy izay hatao anatin'ny telo andro araka ny fandaharam-potoana izay naseho.

### Fampiasana sy fampiharana

Natomboka tamin'ny famerenanana ireo lohahevitra izay efa hita nadritra ny atrikasa teo aloha toy ny hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny miralenta sy ny Miralenta sy ny Fiharian-karena. Nasaina nanao famerenana ireo lohahevitra teo aloha ireo ny mpizaika mba hahafantarana hoe hatraiza ny fahafantaran' izy ireo, izay efa natao teo aloha mba hanamora ny fampidirana sy fanohizana ny dingana manaraka.

Tsikaritra fa tadidin'izy ireo ary voampitan'izay nasaina namerina ireo lohahevitra ireo sy mahaliana ny rehetra ny atrikasa momba ny miralenta. Araka ny fanazavana nataon'ny iray tamin'izy ireo dia ny fomba fisainana raiki-tampisaka no tena nirakitra tao an-tsaina ny maro. Fa raha ny fandraisana anjaran'ny vehivavy indray dia efa hita taratra amin'ny fiarihan-karena.

Koa ity farany ity no nentina niroso tamin'ny lohahevitra hoe:

### Miralenta sy fampandrosoana toe-karena ifotony

Maro ny karazanà asa ara-toe-karena hita eto an-toerana, anisan' izany ny fiompiana, ny fambolena ireo karazana vokatra toy ny vary, mapaza, voatabia, sns.

Nojerena niaraka ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy afaka mandray anjara amin'ny fampandrosoana eo an-toerana.

Raha ny sakana dia mbola hita mimbahan-toerana ny fiheverana raiki-tampisaka, tsy ampy fiofanana, ny tsy fahaizana taratasy, tsy fahampian'ny enti-manana toy ny tany, fitaovana, mpiaramiombon'antoka ara-tekinika sy ara-bola.

Ny fepetra tokony horaisin'ny kaominina dia:

- Ny fanaovana fiofanana (en cascade) manokana ny vehivavy
- Fananganana fikambanana isan-tsokajin-taona ny vehivavy
- Fiofanana arak'asa ho an'ny vehivavy sy lehilahy
- Fanentanana ny lehilahy sy vehivavy mikasika ny miralenta sy fampandrosoana
- Fampandraisana anjara ny vehivavy amin'ny fampandrosoana rehetra atao amin'ny kaominina: asa, fambolena, fiompiana, zaitra, rary, sns.
- Famadihana ireo hazo fihinam-boa ho ranom-boankazo

**Ny miralenta sy fiovaovan'ny toe-trandro ary ny fampandrosoana maharitra**. Talohan'ny namaritana ity lohahevitra ity dia nojerena ny fahazoan'ny mpandray anjara ny teny hoe fiovaovan'ny toetrandro sy ny fampandrosoana maharitra araka ny fitrangan'izany eo amin'ny fiainana andavanandro:

Araka ny hevitry ny mpandray anjara, ny fiovaovan'ny toetrandro dia ny:

- Fivoarana (civilisation)
- Fiovan'ny orana
- Fiovan'ny fotoam-pambolena
- Fampitahana ny taloha sy ankehitriny amin'ny lafiny fiainana ankapobeny
- Fivoaran'ny teknôlôjia avo lenta
- Fiovan'ny hafanana sy ririnina
- Fisian'ny aretina amin'ny vatan'olombelona
- Fiovan'ny fomba fiasa
- Fitombon'ny isan'ny fiangonana

- Fiovan'ny fomba fisainana
- Fitombon'ny fanimbàna atao ny zanak'olombelona ny tontolo iainana
- Fihamafisan'ny loza voajanahary
- Fialana amin'ny fomba netim-paharazana

Raha ny fampandrosoana maharitra indray dia ny:

- Fanovàna toe-tsaina sy fitondran-tena manoloana ny fanatontoloana (mondialisation)
- Fanentanana ny vahoaka mikasika ny fampandrosoana maharitra (fiarahamonina)
- Fasahian'ny tsirairay mandray andraikitra
- Fahafahana manaraka ny vaovao mampianatra ny zaza
- Fiarovana ny foto-drafitr'asa vita
- Fahaizana mitantana
- Fandraisana andraikitra ankitsi-po
- Fifanakalozana traik'efa: fankatahaka ny tsara vitan'ny hafa
- Fanovozona traikefa
- Fanajana ny tontolo iainana
- Fanatanterahana ny andraikitra noraisana

Raha eo amin'ny fitrangan'izany eo amin'ny fiainan'ny zanakolombelona no jerena dia hita fa mitombo ny fahatrana sy fifindra-monina. Eo koa ny fitomboan'ny herisetra (halatra, vono olona, fanolonana. Mihena koa ny rotsak'orana ny tsy fifankazahoan'olona, mitombo ny mosary, miakatra koa ny tahan'ny fahafatesana. Porofon'izany ny hita sy iainana fa miteraka aloha loatra ny ankizy amin'izao fotoana, miharitra koa ny loharano, nitombo koa ny valan'aretin'ny biby, nihena ny parasy satria nihamaina ny tany. Ireo zavatra rehetra ireo dia vokatra ny fikorontana'ny tontolo iainana, ny tsy fanànana asa fivelomana izany hoe ny asa mampidi-bola. Fa ny tena hita dia ny hetraketrakin'ny zanak'olombelona sy fahasimban'ny rafi-piarahamonina.

**Fandravonana ny asa an-tarika**

Ny tsoa-kevitra nivoaka tao dia ny fanentanana ny mponina rehetra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana indrindra indrindra ny fanohanana sy famporisihana ny vehivavy handray anjara amin'ny fampandrosoana. Raha dinihina lalina ireo hevitra nivoaka teo ambony teo

dia ny vehivavy ihany no tena misedra bebe kokoa ny vokadratsin'ny fiovaovan'ny toe-trandro, ny ady amin'ny herisetra, ny fifindra-monina noho izy ireo maro andraikitra sahanina eo anivon'ny fiarahamonina.Tokony hatao laharam-pahamehana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny fandahanaran'asa rehetra indrindra amin'ny fanapahan-kevitra mikasika ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toe-trandro.

**Ny herisetra**

Raha nasaina nitanisa ireo tranganà herisetra mianjady amin'ny vehivavy hita matetika eo an-toerana ny mpandray anjara dia ireto no voalaza: ny fanolanana, vono, fampanambadiana ankizy vavy tsy ampy taona izay miteraka fitsoahan'ireo ankizivavy an-tsekoly mbola eny amin'ny kilasy ambaratonga voalohany sy ny vohoka aloha loatra.

Nosokajiana ho ara-nofo sy ara-batana ireo herisetra voatanisa ireo. Ny herisetra ara-tsaina kosa dia tsy matetika hita loatra eo an-toerana.

Ireo mpandray anjara nandritra ny atrikasa

**FAHATRATRANA NY TANJONA**

- Niampy ny fahalalana azon'ny mpandray anjara momba ny Miralenta sy Fampandrosoana noho ireo lohahevitra rehetra natao tao anatin'ny telo andro
- Nandray anjara mavitrika izy ireo tamin'ny famolavolana ny drafitrasa sady velom-panantenana amin'ny fampandrosoana eny an-toerana
- Manana ny fahavononana handray anjara amin'ny fanatanterahana ireo tsoa-kevitra nivoaka izay narafitra nandritra ny fiofanana ny kômity Miralenta.

**IREO FANAMBY**

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny fanatanterahana ny drafitrasa miralenta.
- Fanatanterahana ny paikady miralenta eo amin'ny kaominina
- Fandraisana anjaran'ny vehivavy amin'ny fampandrosoana eo anivon'ny kaominina.

**TOVANA A: FANDAHARAM-POTOANA**

**ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA DRAFITR'ASA MOMBA NY MIRALENTA SY NY ADY AMIN'NY HERISETRA**
**Firenena: Madagasikara**
**Kaominina:CR SAKARAMY**
**Toerana: CR SAKARAMY**
**Daty: 30-31 Jolay -01 Aogositra 2014**

| Ora | ANDRO | Tompon'andraiktra |
|---|---|---|
| | **ANDRO VOALOHANY 30 JOLAY 2014** | |
| 08h30 - 09h00 | Fandraisana | Mpampiofana |
| 09h30 - 10h 00 | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy | Maire/ GL |
| 10 h00- 10h15 | **Pause café** | |
| 10h15 – 12h30 | Famerenanana ireo lohahevitra teo aloha | AMINA / YASMINE/ REHETRA |
| 12h30 14h00 | **SAKAFO ATOANDRO** | |
| 14h00 – 15h 00 | Ny miralenta sy fampandrosoana toe-karena ifotony | AMINA |
| 15h00- 16h00 | Ny miralenta sy fiovan'ny toetrandro ary ny fampandrosoana maharitra | YASMINE |
| 16h 00-16h 15 | **Pause café** | |
| | **ANDRO FAHAROA 31 Jolay 2014** | |
| 08h30 – 09h00 | Herisetra | AMINA |
| 09h00-10h00 | Drafitrasa | Mpiofana |
| 10h00- 10h15 | **PAUSE CAFÉ** | |
| 10h15- 12h30 | Drafitrasa ( tohiny ) | Mpiofana |
| 12h30 – 14h00 | **SAKAFO ATOANDRO** | |
| 14h00- 16h00 | Drafitrasa tohiny | Mpiofana |
| 16h 00- 16h 15 | **PAUSE CAFÉ** | |
| | **ANDRO FAHATELO 01 AOGOSITRA** | |
| 08h30 – 09h15 | Fanolorana drafitrasa ny tarika 1 | Tarika 1 |
| 09h15 -10h00 | Fanolorana drafitrasa ny tarika 2 | Tarika 2 |
| 10h00- 10h15 | **PAUSE CAFÉ** | |
| 10h15- 11h00 | Fanolorana drafitrasa ny tarika 3 | Tarika 3 |
| 11h00 – 12h30 | Fandravonana | Ny rehetra |
| 12h30- 14h00 | **SAKAFO ATOANDRO** | |
| 14h00- 15h30 | Tombana , Famaranana ofisialy | |
| 15h 30-16h | **PAUSE CAFÉ** | |

**Stage: 5**
**Kaominina: SAKARAMY**
**Toerana: Biraon'ny kaominina**
**Date: 30, 31 Jolay-01 Aogositra 2014**

*Ce projet est Financé par l'Union Européenne*

**FANAMARIHAM-PAHATONGAVANA**

| N° | ANARANA SY FANAMPINY | LAHY /VAVY | TOERAM-PIASANA SY ASA ATAO | TELEPHONE | E-MAIL |
|---|---|---|---|---|---|
| 01 | FANAMPINY Chantal | V | CAA Sakaramy | 032 02 758 10 | |
| 02 | VELO René | L | Chef Fokontany Sahasifotra | 032 24 895 00 | |
| 03 | REFENOA | L | Chef Fokontany Ankazomibaboka | 032 63 280 99 | |
| 04 | SORO Joely | L | PasiteraSakaramy | | |
| 05 | AVIMILA Edmond | L | Conseil Sakaramy | | |
| 06 | RAHELIARISOA Therencia | V | Sage FemmeSakaramy | 034 21 218 27 | |
| 07 | LEMERA Hans Aimé | L | Adjoint au Maire | 032 52 381 84 | |
| 08 | MARTIN Jean | L | Adjoint Fokontany Mahatsinjo | 032 61 433 04 | |
| 09 | RAZAFINDRAMASY Soanirina Marie Angéla | V | MpampianatraSahasifotra | 032 60 622 07 | |
| 10 | JAOMIARINA Toly Jean Jacques | L | Chef Fokontany Sakaramy | 032 55 631 85 | |
| 11 | RAMAROJAONA Ravaoarisoa Lydia | V | Chef Fokontany Ambodimadiro | 032 21 923 97 | |
| 12 | SOJAMANANJARA Alphonse | L | Adjoint Chef Fokontany Ambodimadiro | | |
| 13 | MANANJARA Victor | L | Commandant EIGN Sakaramy | 033 29 202 98 | |
| 14 | MORA Mariette | V | Commerçant Sakaramy | 033 83 903 63 | |
| 15 | TOTO Zarasoa Yvonne | V | Ankazomibaboka | 032 42 022 67 | |
| 16 | MAEVALAZA Albert | L | Secretaire Etat Civil | 033 63 100 17 | |
| 17 | RAMISILAHY Vincent | L | Maire Sakaramy | 032 44 634 03 | |
| 18 | SOATSARA Gladis Ester | V | Percepteur Sakaramy | 032 62 104 04 | |
| 19 | BETOMBO Modeste | L | EPP Sakaramy | 032 24 111 94 | |
| 20 | LEHIBE Evelyne Edmond | V | Asocition des femmes Ankazomibaboka | 032 64 473 22 | |
| 21 | DJAOMAZAVA | L | President du Conseil Sakaramy | 032 48 607 54 | |
| 22 | RAMAMONJY Anita | V | Association des femmes Sakaramy | | |

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| 23 | RABENANDRASANA Gaston | L | Adjoint Commandant de Brigade Sakaramy | 032 40 968 06 | |
| 24 | FARAHANINA Myriam | V | Mpandraharaha Sakaramy | 032 58 557 45 | |
| 25 | NARISON Berthin | L | Agent MNP/MDA Sakaramy | 032 42 135 54 | narison.berthin@yahoo.fr |

| | | |
|---|---|---|
| **Lahy** | **15** | **60 %** |
| **Vavy** | **10** | **40%** |
| **Totaly** | **25** | **100%** |

**DRAFITR'ASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA MIHATRA AMIN'NY VEHIVAVY**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza/inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana, valio ireo fanontaniana*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana*
- ***Oviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny teti-bola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| **TANJONA FOTOTRA** | **FOTOTRA IAINGANA** | **TANJON'NYY SADC** | **Tondro Milaza Vokatra** | **ASA ATAO** | **Vokatra Andrasana** | **TOMPON ANDRAIKITRA** | **FE-POTOANA** | **TETI-BOLA** |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ***DRAFITR'ASA MIKASIKA NY POLITIKA MOMBA NY MIRALENTA*** | | | | | | | | |
| Fampitomboana ny fahafantaran'ny kaominina ny momba ireo fanekena izay efa nataon'ny firenena eo amin'ny sehatra nasionaly, eo anivo'ny faritra faritra, na iraisam-pirenena, indrindra momba ny Protocle n'ny SADC | 5 % ny olona eto Sakaramy ihany no mahalala ny fifanekena mikasika ny miralenta sy fampandrosoana izay nosoniavin'ny firenen-tsika ; | Fampahafantarana ny vahoaka momba ireo lalàna sy Fifanekena efa misy, ny maha-zava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny maha olom-pirenena feno azy | Tatitra ny fanentanana | Fanamafisana ny fanentanana momba ireo fitaovana sy fifanaharana mahakasika ny miralenta | 50% ny mponina no voaentana sy Mahalala | Komity ny miralenta | Septambre Octobre Desambra 2014 | |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| momba ny Miralenta sy Fampandrosoana. | | | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa misy pôlitika na drafitrasa momba ny miralenta eo anivon'ny kaomininina ary ampiaharina izany. | *Manana drafitrasa ny Kaominina fa tsy ampy ny fampiharana* | Fahazoana antoka fa misy ny lalàna mipetraka entina hampiroboroboana ny fampandraisana anjara ny vehivavy | Fankatovana ny drafitrasa voasonian'ny tompon'andraikitra | Fandresen-dahatra ny mpanolontsaina amin'ny fandaniana ireo tetikasa miendrika miralenta sy fampiharana izany | Fahazoan'ireo vehivavy tombotsoa amin'ireo tetikasa vita | Komity ny miralenta | 1 volana<br><br>Novambra | 0 |
| Ny Pôlitika mifototra amin' ny miralenta dia atao laharam-pahamehana eo anivon'ny kaominina ary misy olona singanina ho loha laharana amin'izany. | | | Isan'ny tetik'asa vita | Fandaniana ireo tetikasa ho laharam-pahamehana | | Mpanolo-tsaina | Novambra | |
| ***I.FITANTANANA*** | | | | | | | | |
| ***Fiheverana*** | | | | | | | | |
| Fampitomboana ny isan'ny vehivavy mpanolo-tsaina amin'ny fifidianana manaraka | 0% | 50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015 | Lisitra candidat milatsaka mpanolotsain | Fandresendaha tra ny antoko politika mba handrotsaka | Roa ny vehivavy lany mpanolon | Komity ny miralenta | Mandrapant ongany fifidianana | |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| mba hanatrarana ny tanjon'ny SADC izay mikendry 50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015. | | | a | vehivavy Fanentanana ny vehivavy mba hasahy hilatsaka mpanolontsaina Fanentanana ny vahoaka rehetra mba hanohana sy hifidy vehivavy | tsaina amin'ny fifidianana manaraka | | | |
| Fahazoana antoka fa voasolo tena mitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy ao amin'ireo seham-pitarihana ao amin'ny kaominina | 0% | Pôlitika, paikady, ary fandaharanasa entina hampiofanana ny vehivavy mba hahafahan'izy ireo mandray anjara sy manana traikefa momba ny fahaiza-mitarika | Organigramme ny Kaominina | Aorian'ny fifidianana resena lahatra ny mpanolontsaina lahy mba hifidy vehivavy ho filoha ny mpanolontsaina Fandresen-dahatra ny Ben'ny Tanana raha lehilahy mba handray lefitra vehivavy | Misy vehivavy filohan'ny mpanolon-tsaina, lefitra ny Ben'ny tanàna na lefitra ny Ben'ny tanàna | Komity ny miralenta | Aorian'ny fifidianana ben'ny Tanana sy mpanolo-tsaina | 0 ariary |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fampahafantarana ny vahoaka momba ny maha-zava-dehibe ny fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy amin'ny seha-pitantanana | Efa nisy hetsika natao amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy sy fikanam-behivavy izay niarahana tamin'ny ACPU/DS fa tsy ny fanentanana | Fampahafantarana ny vahoaka fa zava-dehibe ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny seha-pitantanana, mariky fitandroana ny demôkraisa sy ny fitondrana tsara tantana izany. | Isan'y fikambanam-behivavy mitantana ny foto-drafitrasa vita | Fanentanana ireo mpiaramiombon'antoka amin'ny fampandraisana andraikitra ny vehivavy | Mitombo ny isan'ny fikambanam-behivavy mandray andraikitra eto Sakaramy | Komity ny Miralenta / Koaminina mpiara-miombon' antoka | Tsy voafetra fa mandavan-taona | 0 Ariary |
| ***Fandraisana anjara*** | | | | | | | | |
| Ny vehivavy dia manana tolo-kevitra sy filàna hafa ankoatry ny an'ny lehilahy. Ilaina noho izany ny fampiroboroboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy mandritra ny fivoriana rehetra eo amin'ny kaominina | Fikambanam-behivavy 2 no miasa amin'ny seham-pitantana ato anatin'ny Fokontany 5 eto Sakaramy<br>Efa nanao fifanakalozana tamin'ny Fikambanam-behivavy TSARALAZA tao Antanamitarana | Pôlitika, paikady ary fandaharanasa hametrahana na hanamafisana ny rafitra hampiroboroboana ny Miralenta | Manana recepisé ny Fikambanana rehetra ato amin'ny Kaominina | Famporisihana ireo fikambanam-behivavy 3 sisa hanana Récepisé mba hafahan'izy ireo mamaly sy mandray anjara amin'ny fifanakalozana mikasika ny fintantanana | Mitombo isan'ny vehivavy mandray andraikitra Sady Voaray koa ny hevitran'iz ireo amin'ny fitantanana | Komity ny miralenta sy ny kaominina | Septambra Fakana recépissé | 0 Ariary |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fanofanana ny vehivavy eo anivon'ny kaominina mba afahan'izireo mijery ny laharam-pahamehana ho an'ny vehivavy | Mbola tsy nisy hatramin'izao<br>Fiofanana momba ny fintantanana Tetikasa nataon'ny ACPU/DS | Pôlitika, paikady ary fandaharanasa entina hampiofanana ny vehivavy momba ny fahaiza-mitarika | Tatitra ny fiofanana | Mitady mpiara-miombon'antoka | Mahazo fiofanana ny 50% ny vehivavy | kaominina | Mandavan-taona | |
| Fanofanana ny lehilahy eo anivon'ny kaominina momba ny miralenta ary fanentanana azy ireo mba hanohana ireo hetsika atao entina hampiroboroboana ny Miralenta | *Nisy lehilahy nandray anjara tamin'ny fiofanana natao niaraka tamin'n Gender links vao tsy ele teo ,ka nnankatoavin'ireo mpanolo-tsaina lehilahy* | Fampandraisana anjara ny lehilahy mandritra ireo hetsika rehetra momba ny Miralenta, isan'izany ny fanofanana | Lisitrin'ny mpandray anjara | Fandresena lahatra ireo lehilahy mba hampiatra ny miralenta.<br>-Fanentanana ny lehilahy mba hanohana vahivavy<br>-Fitadiavana mpiara-miombon'antoka amin'ny fanomezana fiofanana momba ny miralenta ka andraisan'ny lehilahy anjara bebekokoa | Misy lehilahy mijoro vavolombelona sy manentana amin'ny fanohana na vehivavy | Komity ny miralenta | Tsy voafetra | |
| ***Fandraisana anjaran'ny vahoaka*** | | | | | | | | |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Fahazoana antoka fa ny vehivavy sy ny lehilahy dia mandray anjara mitovy eo amin'ny raharaha eo anivon'ny fitondrana ifotony. | Iray ihany ny sefo Fokontany vehivavy fa efatra ny lahy | 50% n'ny vehivavy eo amin'ny sehatra fanapahan-kevitra amin'ny taona 2015 | Lisitra ny sefo fokontany voafidy | Fanentanana ny fokonolona hanolotra ny vehivavy hilatsaka hofidiana Fokontany | Mitombo ny isan'ny vehivavy Sefo Fokontany | Ny Komity ny miralenta | Mandrapatongany fifidianana | 0 ariary |
| | Misy fanamariham-pahatongavana. Ary ny lehilahy no tena antsoina mivory | Mandray anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo amin'ny rafi-pitantanana rehetra | Fiche de presence<br><br>Lisitra ny vehivavy antsoina mivory | Famporisihana ny Ben'ny Tanana hanasa ny vehivavy hivory Fandresen-dahatra ny vehivavy tonga mivory mba hamoaka hevitra Fandresen-dahatra ny mpitondra handray sy hampihatra ny hevitra aroson'ny vehivavy | Mitombo ny isan'ny vehivavy tonga mivory<br><br>Voaray sy hampiarina ny hevitra ny vehivavy | Komity ny miralenta<br><br>Ben'ny tanàna<br><br>Sefo Fokontany | Tsy voafettra | 0 Ariary |
| ***II. LAMIN'ASA*** | | | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa | Efa misy | Fampandraisana | Isan'ny | Fanentanana | Mitombo | Kaominina | Oktobra | |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| nangalana ny hevitry ny vehivavy ny lamin'asan'ny kaominina ary ampiharina izany lamin'asa izany | lamin'asa miendrika miralenta izay hiarahana amin'ny ACPU/DSfa ny isan'ny mpanantateraka izany no tsy ampy | anjara mitovy ny lehilahy sy ny vavy mandritra ny fandrafetana ny lamin'asan'ny kaominina sy ny fanatanterahana izany. | tetik'asa miendrika miralenta vita | ireo vehivavy mba hanao fikambanana mijoro ara-panjakana sy handray andraikitra amin'ny fanatanterahana ny asa | ny isan'ny fikambanana mijoro ara-panjakana | Agent de developpement | | |
| Fahazoana antoka fa nalaina ny hevitr'ireo vehivavy mandritra ny fandrafetana ny lamin'asa rehetra eo amin'ny kaominina | Mbola tsy misy Komity ny Miralenta mandray anjara amin' ny fandrafetana lamin'asa | | Fankatoavana naton'ny Kaominina ny fananganana ny komitin'ny Miralenta | Fananganana ny Komity ny Miralenta | Voatsanagana ny komity | Mpandray anjaranta min'ny fiofanana | Aout 2014 | |
| ***NY MIRALENTA EO AMIN'NY LAMIN'ASA EFA MISY*** | | | | | | | | |
| ***Fampandrosoana ara-toe-karena ifotony – Toe-karena sy famoronana asa*** | | | | | | | | |
| Fanamorana ny fahazoana asa na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy | *Misy 60% vehivavy ,40% lahy tamin'ny asa HIMO* | Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa. | Lisitry ny mpiasa HIMO | Famporisihana ny lehilahy mba handray bebe kokoa amin'ny manaraka | 50% lahy ,50% vavy | kaominnina | Isan-taona | |
| Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fahazoana | *Mbola tsy manana paikady entina hanatsarana ny* | Fametrahana pôlitika sy paikady entina hanamorana ny fahazoana | Tatitra ny fihaonana amin'ny mpiara- | Manatona ny mpiara-miombon'antoka misahana | Misy mpiara-miombon' antoka | kaominina | 2015 | |

| TANJONA FOTOTRA | FOTOTRA IAINGANA | TANJON'NYY SADC | Tondro Milaza Vokatra | ASA ATAO | Vokatra Andrasana | TOMPON ANDRAIKITRA | FE-POTOANA | TETI-BOLA |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| famatsiam-bola | *toe-karena ifotony ny kaominina* | famatsiam-bola na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy | miombon'antoka | famatsiam-bola sy ara-tekinika | mamaly fangataha na | | | |
| **Asa fandraharahana** | | | | | | | | |
| Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fahazoana tolo-bidy | *Tamin'ny taona lasa, dia nisy asa iray no lasan'ny fikambanam-behivavy satria nisivanina ho fkambanam-behivavy sy tanora ihany no niantsoina tamin'ny tolot'asa* | Fampitoviana ny taham-pahombiazan'ny lahy sy vavy amin'ny fahazoana tolo-bidy avoakan'ny fanjakana na ny sehatra tsy miankina. | Taratasy fanambarana ny fahazoana asa | Fanentanana vehivavy handray anjara amin'ny tolobidy sy hanana taratasy ara-panjakana | Mitombo ny isan'ny vehivavy mahazo tolo-bidy | kaominina | Novambra 2014 | |
| **FIOVAOVAN'NY TOE-TRANDRO SY FAMPANDROSOANA MAHARITRA** | | | | | | | | |
